# Ilay Voa Tsara Nafafy 02 Desambra 2018

# 2 Alahady desambra

**Ary ny Apostoly niangona teo amin'i Jesosy ka nilaza taminy izay rehetra efa nataony mbamin'izay nampianariny. Ary hoy Jesosy taminy : Avia ianareo hitokana any an-tany foana, ka mialà sasatra kelikely.** Marka 6. 30, 31

## Irery miaraka amin'Andriamanitra

Ny Filazantsara nosoratan'i Marka dia mampiseho manokana ny asa nataon'i Jesosy, Izay tsy mba nitandro hasasarana. Nitady mandrakariva ny hokarakarain'i Jesosy ny vahoaka. Matetika no nisy zava-nitranga nanahirana na adihevitra teo amin'ny fifandraisany amin'izy ireo. Nitory ny fanjakan'Adriamanitra Izy, nanasitrana ny marary, nandeha nitety tanàna, ary „tsy mba manana izay hipetrahan'ny lohany" (Matio 8. 20).

Nety sasatra toy ny olona rehetra Jesosy (Jaona 4. 6), nefa dia vonona mandrakariva hamaly ny fiangaviana maro natao taminy. Saingy notadiaviny koa ny hitoetra irery miaraka amin'Adriamaniny, mba hikolokoloany ilay fifandraisana tsy tapaka aminy. „Fantatro fa mihaino Ahy mandrakariva Ianao" (Jaona 11. 42). Ireny fiatoana itokanany ireny dia nampiasainy hivavahana, mandritra ny alina manontolo (Lioka 6. 12), hiderana an'Andriamanitra (Matio 11. 25). Ny dinika nifanaovany tamin'ny Rainy, voarakitra ao amin'ny Filazantsara araka an'i Jaona toko faha-17, dia manampy antsika hahatakatra kely ny ventin-kitra resahiny amin' ireny fotoana iombonany manokana amin'ny Ray ireny, fotoana sarobidy ho an'i Jesosy.

Ry kristiana namana, ny tsiambaratelon'ny fanompoan'i Jesosy dia Izy niombona tamin'ny Ray sady akaiky dia akaiky Azy ; dia toy izany koa, ao amin'ny fiombonana amin'ny Tompo no anovozantsika hery hanarahana Azy. Mitaky fifehezan-tena avy amintsika izany, koa eo amin'ny fiainantsika miaraka amin'Andriamanitra, dia tsy maintsy mitady izay hilaminana isika, ary manokana fotoana hivavahana sy hamakiana Baiboly. Tsy ny asa fanompoana no atao laharam-pamehana, ka tokony ho takatsika fa izany asa izany dia vokatry ny hatsaran'ny fifandraisantsika amin'ny Ray. Dia ho rentsika mazava kokoa ny feon'Andriamanitra.